# ANY ANGLETERA





**Nihaona ny kôminôte roa n'i Sittingbourne sy London ny 22 hatramin'ny 28 desambra. Taorian'ny fankalazana ny fetin'ny Noely dia niaina fotoan-dehiben'ny Fampihavanana izahay ny 26 sy 27 desambra, tsingerin-taona nahaterahan'ny Fikambanana, nijery ny horonantsarin'ny dingan'ny lalàntsika hatramin'ny Federasiôna , ny Fitambarana ary ny fahaterahan'ny Fikambanana vaovaon'ny Soeurs du Christ ao amin'ny Fiangonana.**

**Taorian'ny fotoana nizarana izay fahatsiarovana nanamarika dia nihazo ny lasapely izahay ary nihira ny "Fanomezan'Andriamanitra, O Emanoela"**



**Niainga tamin'ny famakiana notsoahana tamin'ny Tantarantsika, ny Lalàampanorena ary ny Soratra Masina ny fankalazana. «Fanahin'Andriamanitra mitoera eo amin'ny vahoakanao » io no hira noredonina rehefa nanao ny fanavaozana ny voady ny tsirairay ary nametraka labozia kely mirehitra teo aolohan'ny Otely. Nametrahana lahatsoratra isan-karazany sy famantarana maneho ny Fikambanantsika teo ambony Otely.**

**Manambara io fihetsika io ny firotsahan'ny tsirairay sy ny maha mpikambana azy ao amin'ny Fikambanana. Taorian'ny tononkiran'i Maria sy ny fifampizampiadanana, namarana ny fankalazana ny hira fisaorana an'Andriamanitra nentimpaharazana » nataon'i John Rutter.**

